TATITRA

NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA IFOTONY

DINGANA FAHA 4-7-8

Figure 1: Mpizaika nandritra ny fiofanana 4,7,8

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Bemasoandro

Daty: 16-17-18-19 Oktobra 2012

Toerana: Kaominina Bemasoandro

FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA.....2
FANOLORANA.....3
TANTARA.....4
FIZOTRY NY ATRIKASA.....5
FAHATRARANA NY TANJONA.....7
IREO FANAMBY.....7

TOVANA

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA.....8
TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA.....9
TOVANA D: FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE.....11
TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA.....15

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina Bemasoandro ny 16, 17, 18 ary 19 Oktobra 2012, tao amin'ny biraon'ny kaominina. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny mpiasa tena, ny mpiasan'ny kaominina ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina : ary indrindra ny famporisihana ireo vehivavy mba hilatsaka ho fidiana amin'ny fifidianana kaominaly : ben'ny tanàna sy mpanolotsaina.

Lohahevitra efatra mazava no nodinihana nandritra ny efatra andro:

Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.

Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.

Lohahevitra fahatelo : ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pitondrana, ny andraikitry ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina

Lohahevitra fahaefatra : resaka tamin'ny mpanao gazety, fanokafana adiresy mailaka, fampianarana ny teknolojia vaovao, serasera

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy eo amin'ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa ben'ny tanàna, Andriamatoa RABEFAKATRO Alphonse noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina Bemasoandro. Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.

Notohizana tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo. Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin'ny fiaraha-monina.

Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitanatanana.

Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

- **Momba ny fiheverana raiki-tampisaka**

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiarana ka namoahana ireo tonon-kira, fomba fitenenanana izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy ny asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "nitady zaza ka tera-dahy" sy ny hoe "Arabaina fa nahazo mpatsaka"

- **Eo amin’ny fampandraisana anjara ny vehivavy:**

Maro ihany koa ireo olana hita fa manakana ny fidiran’ny vehivavy eo amin’ny sehatra politika. Notsinganina tamin’izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan’ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Ny tsy fahampian’ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin’ny vehivavy efa hita eo amin’ny sehatra politika.
- Tsy fahampian’ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian’ny fotoana
- Toe-tsaina raiki-tampisaka
- Ny fomba amam-panao

- **Vaha-olana natolotra**

- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin’ny raharaham-pirenena amin’ny alalan’ny fampidirana azy ireo amin’ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon’ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.
- Fanentanana ny lehilahy

Nandritra ny lohahevitra fahatelo ihany koa no nahafahana nahafantatra ireo filana misy eo amin’ny kaominin’i Bemasoandro manokana. Nefa aloan’izany dia nohazavaina tamin’ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao filana fototra sy filana maharitra mila paikady (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

- **Ireo filana maharitra mila paikady ao amin’ny Kaomina Bemasoandro**

- Foto-drafitrasa eo amin’ny sehatry ny fahasalamana sy fidiovana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio
- Herin’aratra
- Lalàna
- Fialam-boly

FAHATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray
- Taorian'ny fanentanana dia maro ireo vehivavy naneho ny fahavononany hilatsaka ho fidiana

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana
- Ainga 50/50 eo amin'ny sehatra fandraisana fanapahan-kevitra

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY VEHIVAVY SY NY FIFIDIANANA IFOTONY
Firenena: Madagasikara
Kaominina:CR Bemasoandro
Toerana: CR Bemasoandro
Daty: 16-17-18-19 Oktobra 2012

Ora	16 Oktobra 2012	Iza(Tompon'andra ikitra)
	Andro voalohany	
08h-8h 30	Fandraisana	GL
8h 30h- 9h	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Ben'ny tanàna
9h- 10h 15	Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana Quiz Instrument	GL
10h 15- 10h 30	**Pause café**	
10h 30 - 12h30	Loh 1 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	GL
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h	Loh 2 : Miralenta sy Fitondrampanjakana	GL
15h-16h	Loh3 : Ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pitondrana Fizarana asa tarika	GL
	17 Oktobra 2012	
8h30-09h30	Loh 3 : Fanehoana ny asa isan-tarika	Ny rehetra
9h30- 10h	Ny andraikitr'ireo rantsa-mangaika ao amin'ny Kaominina	Ny rehetra
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15-10h 30	Filàna fototra andavanandro sy filàna maharitra mila paikady	Ny rehetra
10h30-12h30	Loh 3: Famolavolana "Projet de société". Fizarana groupe :	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-16h	G1: Asa isam-baomiera G2 : G3 :	Ny rehetra
	18 Oktobra 2012	
8h 30– 10h	Fanehoana ny asa isan-tarika arahina adi-hevitra	Ny rehetra
10h – 10h15	**Pause café**	
10h15-12h30	Fandrafetana ny "Projet de société »	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h 45	Loh4 : Serasera, teknolojia : fanazavana sy fampianarana	GL
15h45-16h	Torohevitra momba ny firesahana amin'ny mpanao gazety	GL
	19 Oktobra 2012	
8h 30– 10h	Firesahana amin'ny mpanao gazety	Ny rehetra
10h – 10h15	**Pause café**	
10h15-12h30	Fanokafana adiresy mailaka ho an'ny mpiofana tsirairay	Ny rehetra
12h30-14h	Sakafo	
14h-15h 45	Tohin'ny fanokafana adiresy mailaka	Ny rehetra
15h45-16h	Famintinana sy tombana ny fiofanana	Ny rehetra

Tovana B: Fanamarinam-pahatongavana
Stage 4,7,8
Country: MADAGASCAR
Kaominina Bemasoandro
Toerana: Biraon'ny kaominina
Date: 16-17-18-19 Octobre 2012
FICHE DE PRESENCE

N°	ANARANA SY FANAMPINY	SEXE	TOERANA HIANDREKETANA	ANDRAIKITRA	TEL	E mail
01	RAZANAKOLONA Jean de Dieu	M	Ambatofahavalo	Pdt COGE	0331219229	
02	RAKATROARILALA Robertine	F	Bemasoandro	Chef Fkt	0341911095	rrakatroarilala@yahoo.fr
03	RAHARIMANANA Emilia	F	Ambohidrapeto	Coiffeuse	0331403619	mimiasport@yahoo.fr
04	RAZANAKA Samuël	M	Ampahitrosy	Technicien	0324719895	samuelrazanaka@yahoo.fr
05	RASOLOFONIAINA Jean Honorat	M	Ankadivoribe	Sce Technique	0348016993	rjeanhonorat@yahoo.fr
06	RAZAFINATOANDRO Odette	F	Ampahitrosy	Vice Pdte	0337488721	razafinatoandroodette@yahoo.fr
07	RASAMIMANANA Mamy	F	Ampitatafika	STC Commune	0341079615	rasamimanana@yahoo.fr
08	RAHARINIRINA Jean Patrice	M	Ankadivoribe	Agent technique	0342995253	raharinirinajeanpatrice@yahoo.fr
09	RAKOTONDRAMANANA Andry Aurélien	M	Ambohijanaka	Magasinier	0334123877	andrianantenaina@yahoo.fr
10	RAKOTOARIVELO James	M	Ambohidrapeto		0331109359	rakotojemysa@yahoo.fr

11	RAZANADRASOA Marie Josephine	F	Bemasoandro	Association FIVEMA	0330806880	razanadrasoamariejosephine@yahoo.fr
12	EMMANUEL Irma	F	Bemasoandro	SG Com Bemasoandro	033028084O	Irma.andy@gmail.com
13	RAZAFIMALALA Lalao Berthine	F	Ambatomirahavavy	Association Fanantenana	0348493081	rlalaoberthine@yahoo.fr
14	RASOANIAINA Zoé Claire	F	Bemasoandro	Chef Fkt Anosimasina	0332829998	soaniaina@yahoo.fr
15	RAKOTONDRAMONJY Amélie Daniella	F	Ampitatafika	Chef fkt	0346890400	daniellarakotondramamonjy@yahoo.fr
16	RAJAOBELINA Tovoniaina	M	Soavina	Adjointe au Maire	0332145731	Nainarajaobelina@yahoo.fr
17	RAKOTONOELY Lovasoa Lucien	M	Bemasoandro	ATC	03348095798	
18	BODOMALALA Juliana	F	Bemasoandro	Association	0337994416	handemea@yahoo.fr
19	RAKOTONDRAMANANA Herimanjaka	M	Ambohidrapeto	BTP	0332931822	njakaslt@yahoo.fr
20	RAMAROSON Hantanirina	F	Ambohijanaka	Resp social	O340438896	hantanamana@yahoo.fr
21	RAKETABAO Marie Hollandine	F	Bemasoandro	Chef ZAP	0325241171	
22	RAHARIMALALA Vololoniaina Julie	F	Ambatofahavalo	Stagiaire	03328331297	julievandry@yahoo.fr
23	RAHAINGONARIVOSOA Fara	F	Ampitatafika	Secrétaire d'Etat Civil	0341992351	
24	RABEFAKATRO Alphonse	M	Bemasoandro	Maire	0340464854	
25	ANDRIANAIVOSON Michel	M	Bemasoandro	Mpanolotsaina		
26	RANJAKAMANANTSOA Raymond	M	Tsiafahy	STC	0348987925	
27	RAKOTONDRATSIMBA Marc	M	Bemasoandro	VC Conseiller		
28	RASOARINAIVO Ferdinand	M	Bemasoandro	Conseiller	0320773935	
29	RANAIVOARISON Michel André	M	Bemasoandro	Conseiller	0340639676	
30	RAZANAMADA Romaine	F	Bemasoandro	CAA	0330778O92	

Tovana D: FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE

SEHATRASA	FOTOTRA IANGANA ZAVA-MISY	TANJONA	ASA HO ATAO
1- FINTANTANANA ANKAPOBENY (TARIKA 1)			
I. FITANTANANA EO ANIVON'NY KAOMININA			
Representation	Tsy mitovy ny isan'ny lahy sy ny vavy eo @ fanantanterahana ny asa aman-draharahan'ny kaominina	Fampitoviana ny isan'ny lahy sy ny vavy @ fandraisana anjara	Hametraka ny politika mampiroborobo ny miralenta eo @ fampandrosoana
Fandraisana anjara	Na dia maro aza ny vehivavy dia hita fa tsy mitovy ny famapandraisana ny anjara satria tsy ampy traikefa	Mba hitovy ny fandraisana anjara eo @ sehatra rehetra	Hametraka ny paikady fampandraisana anjara, sy ny fampitomboana ny traikefa dia ny fanofanana @ fomba manaram-penitra
II FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO			
Fifantenana sy fandraisana mpiasa	Maro ny mpiasa izay misy rohim-pihavanana , finamanana @ tompon-andraikitra	Mpiasa miasa eo anivon'ny kaominina manana fahombiazana sy manana traikefa afaka hamaly ny hetahetan'ny mponina	Mametraka ny fomba fiasa vaovao sy ny fandraisana mpiasa mifanaraka @ traikefa sy ara-dalana
Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao	Tsy ampy ny fahaiza-manao , manao fomba fiasa"routine" ny mpiasa	Kaominina manana	Mijery akaiky ny toerana misy mpiasa tsirairay mba ho tafiditra

	Mbola mpiasa miasa @ alalan'ny fifanarahana tsotra	fahombiazana sady manana paisa milamina	mpiasam-panjakana ka handray vola @ maha fonctionnaire
Tontolon'ny asa	Tery ny toerana hiasana, mifangaro ny taratasy hiasana ,	Kaominina milamina , madio,	Fantsarana ny tontolon'ny asa , fanomezana fiofanana ny mpiasa mba hanaja ny asany
III FINTANTANANA NY RAHARAHAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY KAOMININA			
Servisy ankapobeny	ela ny fangatahana tararatsy vao mivaly	Kaominina haingam-piasa , manoma fahafaham-po ny vahoaka @ fomba fiasa haingana	fametrahana fitaovana moderina afaka mahavita asa haingana
Soram-piankohonana			
IV NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA			
FOTODRAFTRASA			
Toeram-ponenana	Tsy mifanaraka @ fenitry ny ara-dalana ny trano miorina, maro ireo zaza amam-behivavy tsy mipetraka @ trano manaram-penitra	Kaominina manaja ny fomba fanoeranana ar-dalana sy manaram-penitra	Hametraka paikady fanjariaan ny tany manaram-penitra , hijery manokana ny zaza amam-behivavy tsy mann-kialofana
Rano sy fahadiovana ary herin'aratra	Tsy ampy ny herin-aratra, lava-drano ny ankabeazan'ny rano sotroin'ny olona , materika misy ny vala-aretina mianjady ny ankizy	Kominina mazava lavry ny haizina , misotro rano madio aram-pahasalamana	Fanorenana , fantsarana ny herin-aratra isaky ny fokontany , Fampidirana rano fisotro madio
Fanabeazana	Maro ny mpianatra tsy mandeha an-tsekoly , maro ihany koa ny mijanona tsy mahavita , tsy ampy nny mpampianatra , karaman'ny FRAM ny ankabeazany	Kaominina manana olana mahay , afaka hiatrika ny fampandrosona	Fijerana manokana ny tontolon'ny fanabeazana , ka hanao laharam-pahamehana ny fijerena sy ny famahana olana haingana ny sehtra ny fampianarana , fiaraha-miasa @ ireo sampandraharaham-panjakana

Fitaterana	Tsy misy ary na misy aza tsy ampy ka sahirana ny mponina handeha any an-tanan-dehibe, manjaka ny tsy fandriam-pahalemana eny an-dalana	Kominnina mora ho hitan'ny olona , tsy lavitry ny tanan-dehibe	Hanome fahalalahana ny mpandraharaha eo sehatry ny fintaterana ,
Lalana	Ratsy ny lalana , tsy mivoaka ny vokatra	Kaominina mandroso , mahavelona ny mponina ao aminy	Atao laharam-pahamehana ary hitadiavana mpiara-miombon-antoka ny fantsarana sy fanamboarana ny lalana
Tsena	Tsy misy tsena ary ny efa eo tsy mifanraka @ toetr-andro ankehitriny, tsy manaram-penitra	Kaominina afaka maneho ny vokatra ao aminy ary afaka mapifanerasera ny mponina @ alalan'ny varotra	Hanangana tsena manaram-penitra
Fanatan-jahatena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)	Maro ny tanora tsy an-asa , midoroka zava-mahadomelina , tsy ampy fialam-boly	Kaominina manana tanora Hendry antoky ny fampandrosoana	Hijery manokana ny fiainan'ny tanora ary hanangana torana fanovana fanantanjahan-tean manaram-penitra, hametraka toerana fifankalozan- kevitra sy fitaizan ny tanora
Fambolena	Maro ny voly efa tsy manaram-penitra , midina ny lanjam-bokatra	Kaominina mamokatra ,mahavelona ny mponina ao aminy ary afaka mamoaka ny vokatra aty andrenivohitra	Hanome sy hanampy ny tantsaha @ masomboly manaram-penitra , hanome fiofanana manokana ary hiara-miasa akaiky @ sampandraha raham-panjakana misahana ny fambolena
Fiompiana	Maro ny biby maty , tsy mitombo , manjaka ny valan-aretina	Hiara-miasa @ tompon-andraikitry ny	Hametraka toby veterinaire hijery akaiaky ny tantsaha eo sehatry ny fiompiana

		fiompiana	
V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA			
Rafitry ny miralenta	Tsy misy ny rafitra , tsy mahafantatra ny mahakasika ny miralenta ny mponina ka lasa ho resa-behivavy fotsiny	Kaominina ho ivo toerana mendrika mapiroborobo ny miralenta eo @ sehatra rehetra	Hametraka ary hanangana komity ny miralenta ka hisahana manokana ny mahakasika ny fandraisana anjaran'ny lahy sy ny vavy ho @ fampandrosoana
Fanamafisana ny fahaiza-manao	Maro ireo fikambanana mijery sy miahy ny ankizy sy ny vehivanvy fa tsy afana mamaly avy hatrany ny hetahetan'ny mponina nohon'ny tsy fahampian'ny fahaiza-manao	Fikamabanana manana fahombizana , fahaizana manokana mahakasika ny fampanjarian-tenan'ny vehivavy	Hametraka ny paikady fampitomboana ny traikefa sy fahaiza-manao ny fikambanana mahakasika ny mirlenta sy ny fampandrosoana Fiofananamahakasika ny fampanjarian-tenen'ny vehivavy
2- TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY			
Fiarovana Fandraisana an-tanana Fanohanana sy fanampiana	Maro ny vehivavy sy ny ankizy hiaran'ny herisetra , tsy heno ny iharan'ny herisetra, manjaka ny mpanao herisetra ary tsy voahenjika araka ny lalàna ,tsy misy ny fandraisana an-tanana	Kaominina miady @ herisetra , mapiroborobo ny miralenta	Hanorina toeram-pihainoana , sy toerama-pandraisana ireo hiaran'ny herisetra Hametraka politika mazava entina miady @ herisetra

TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA

TOMBANA

Lahy/Vavy	☐ Lahy **12** ☐ Vavy **12**					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina						
Taona	12 - 17 ☐	18 -30☐**5**	31- 40 ☐**8**	41 - 50☐**2**	51 – 60 ☐**8**	60 + ☐**1**
Fianarana	Ambaratonga voalohany ☐ **1**	Ambaratonga faharoa ☐**16**	Oniversite ☐ **6**	Fanofanana ara-kasa ☐ **6**	Fampianarana olon-dehibe ☐	

Tombana:

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	**8.4**
2. Ny votoatin'ny fandaharana	**8.5**
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	**8.3**
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	**9.1**
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	**7.9**
6. Vokatra azo	**8.4**
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	**7.3**
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	**8.3**
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	**8.3**
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	**8.1**

Fanamarihana

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?

- Izy rehetra
- Fanokafana kaonty email - internet
- Fanatrehana ny mpanao gazety
- Fanazavana ny asa sy andraikitry ny Maires sy Conseillers satria efa voafidy Conseiller ny tenako
- Tiako daholo – ny asam-baomiera
- Fanomezan-danja ny vehivavy eo amin'ny sehatra fampandrosoana ny firenena, ny antony dia vitsy ny vehivavy eo amin'ny sehatra fampandrosoana
- Miralenta sy ny tokony fandraisana andraikitry ny vehivavy
- Fanovana ny fahazarana hatrizay- raikitampisaka
- Nahaliana daholo satria nitondra fahalalana sy fahaizana
- Miralenta satria tiako ny fitovian-jo amin'ny lahy sy ny vavy amin'ny sehatry ny fitantanana
- Fandraisan'andraikitry ny vehivavy eo amin'ny firenena
- Miralenta sy ny fitondram-panjakana – Fanehoana fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny fanapahan-kevitra – Ny paika fandresena toetra – fihetsika ilaina amin'ny vehivavy ho kandidà – fandresen-dahatra – Teknolojian'ny torohay

2. **Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?**
   Tsy misy fa ilaiko avokoa – tsy hitako
   Samy tsara ary mahaliana avokoa
   Tena mahafinaritra sy mahasoa mihitsy

3. **Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?**

- Hoentiko amin'ny fiainana andavanandro
- Hanaovako sy hirotsahako kandida
- Tsy hotazoniko ho ahy samirery fa hiezaka aho mba hanampita zay traikefa azoko tamin'ny fiofanana amin'ny namako rehetra
- Firesahana amin'ny hafa – mila miserasera
- Fahaiza-manao, fampitomboana ny traikefa, fampitàna ary fampiharana
- Fandrindrana azy tsikelikely ka hanombohana azy amin'ny lafiny tsotra
- Ao amin'ny biraon'ny kaominina, eny amin'ny toeram-panaovana fanatanjahan-tena
- Eny anivon'ny Fokontany sy fikambanana
- Ampiharina foana ny zavatra hay sady ampiana hatrany io fahaizana io
- Fandraisana andraikitra amin'ny fifidianana mba ho tonga tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny kaominina
- Fifampizarana eo amin'ny tontolo manodidina- eo amin'ny ankohonako ny fikambanana vehivavy FIVEMA

Fanamarihana hafa ?

- Mahafinaritra ny fiofanana nomenareo
- Manantena izahay fa mbola hitohy ny fiofanana
- Misaotra tamin'ny fahaizana nomena anay
- Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie homba sy hitahy anareo
- Tsy ampy fa fohy ny fotoana
- Tsy ampy ny fitaovana ka niteraka olana ny fifindran-toerana (cyber)